# 1. NY MPANORITRA (les articles)

Ny mpanoritra dia sokajin-teny entina **manoritra** na manavaka ny **anarana**.

Misy karazana efatra lehibe ny mpanoritra.

- ny mpanoritra anaran-tsamirery (i , Ra-, ry )
- ny mpanoritra tsotra (ny)
- ny mpanoritra zavatra efa fantatra (ilay)
- ny mpanoritra manondro (io, ito, ao, any, etsy, ery, …)

## 1.1. Ny mpanoritra anaran-tsamirery milàza olona : « i », « Ra- », « ry »

### 1.1.a. Fahazoana hevitra

➔ *Vakiana mafy ary tsipihina ambany ireompanoritra*

Solofo : Manao ahoana i Bozy

Bozy : Manao ahoana Ra-Solofo a !

Solofo : Ao ve Ra-Marius izay azafady ?

Bozy : Efa ao izy ka. Andraso fa hantsoiko izy. Marius ah ! Tadiavin-dRa-Solofo ianao.

Marius : Tamy aho e !

Solofo : Ary lasa nianatra anga ry Koto sy Bao ?

Bozy : Ieh ! Niditra nianatra androanyy ry zareo.

Solofo : Nifanena tamin’ i Timothée aho teo.

Bozy : Izy irery ?

Solofo : Izy sy Ra-Jaona. Handeha ho any am-piangonana ry zareo.

### 1.1.b. Fampiasana ny i, ry, Ra-

**« i » :** Mpanoritra apetraka eo alohan'ny **anaran-tsamirery** *[nom propre]* milaza **olona tokana**.

« **Ra-** » : Mpanoritra anaran-tsamirery milaza olona tokana fa ho an’ny olona lehibe ihany.

**« ry »** Mpanoritra apetraka eo alohan'ny **anaran-tsamirery** milaza **olona roa na mihoatra**

- Miavaka *[exception]* **: Afaka mampiasa ny « ry »** eo alohan'ny **anaran'olona iray rehefa hiteny am-pitiavana.** Ohatra : Ry Arthur koa mananihany !

### 1.1.d. Fenoy mpanoritra ny banga : i, ry, Ra-

- Matory ……..Marine.
- Mitady an’……. Bako ……. Sahondra
- Mpanety volo no asan-d………-Georges.
- Firy taona izao …………..kambana mianadahy?
- Misakafo atoandro aty amin’……. Dadatoa Claude izahay.
- Efa ho avy …….. dada sy neny.
- Lasa aiza …… Solo teo ? Lasa nanasa tànana ry zareo.

### 1.1.e. Tabilao famintinana

Ampidiro ao anaty fafana ireo mpanoritra anaran-tsamirey ireto : i, ry, Ra-

| **Olona iray** | **Olona maro** |
|---|---|
| ………………………..<br>……………………….. | ……………….<br>………………. |

### 1.1.f. Manaova fehezan-teny misy mpanoritra i, ry, Ra-

Ohatra : Mahandro sakafo i Laurena.

……………………………………………………………………………………………………………………………………………

……………………………………………………………………………………………………………………………………………

……………………………………………………………………………………………………………………………………………

……………………………………………………………………………………………………………………………………………

……………………………………………………………………………………………………………………………………………

……………………………………………………………………………………………………………………………………………

……………………………………………………………………………………………………………………………………………

## 1.2. Ny mpanoritra tsotra « ny » [*le, la, les*]

Ny mpanoritra **« ny »** dia manoritra **anarana iombonana** na ankapobe [*nom commun*].

Ohatra : ny tany, ny vorona, ny rano, ny trano, ny mpampianatra, ny olombelona, ny saka.

### 1.2.a. Fahazoana hevitra

Solofo : Tsara be ny kitapon'i Hanta

Hanta : i Neny no nividy an'ito.

Solofo : Efa vita ny fialan-tsasatra kay izao ?

Hanta. Eny tompoko ! Efa miditra mianatra ny mpianatra izao.

Solofo : Iza moa no anaran'ny sekoly misy an'i Hanta ?

Hanta : Ny anarany dia Kolejy Finaritra

Solofo : Aiza no misy an'izany ?

Hanta : Any ampovoan'i Bordeaux

Solofo : Mahita ny reniranon'i Garonne izany ianareo.

Hanta : Mahita rehefa mandeha amin'ny fiaran'i dada izahay.

### 1.2.b. Fampiasana ny « i » sy « ny »

**« i » :** Mpanoritra apetraka eo alohan'ny **anaran-tsamirery** *[nom propre]*

a) milaza **olona** [***personne***]

Ohatra : i Lova, i Finaritra, i Chang.

b) milaza **tany [*Pays*]** na **tanàna [*ville*]** na **renirano [*rivière*]**na **farihy [*lac*]**

Ohatra : i Madagasikara, i Bordeaux, i Garonne.

d) eo alohan'ny anarana iombonana misy fifandraisana **arapihavanana *[lien familial]***

Ohatra : i neny, i dada, i zandry, i nenitoa.

**« ny » :** dia enti-manondro zavatra na biby na olona lazaina ankapobe *[généralité]*

### 1.2.d. Apetrao amin'ny sokajy misy azy ireto teny ireto.

Mathias, trano, soroka, Marie, vorona, tany, Madagasikara, hazo, olombelona, harona, akanjonao, ray aman-dreny, dada, fitiavana, ankihikely, Frantsa, Soa, neny, tsara, katsaka, Jaona, tanim-boly, mofo, tànana, fanondro, Josoa, penina, fanalahidy, hanina, Garonne, fary.

| **« i » Anaranan-tsamirery (*nom propre)*** | **« ny » Anarana iombonana (*nom commun*)** |
|---|---|
| | |

### 1.2.e. Manaova fehezan-teny misy mpanoritra i, ny

Ohatra : Mahandro sakafo i Laurena.

…………………………………………………………………………………………………………………………………………………

…………………………………………………………………………………………………………………………………………………

…………………………………………………………………………………………………………………………………………………

…………………………………………………………………………………………………………………………………………………

…………………………………………………………………………………………………………………………………………………

…………………………………………………………………………………………………………………………………………………

…………………………………………………………………………………………………………………………………………………

…………………………………………………………………………………………………………………………………………………

…………………………………………………………………………………………………………………………………………………

…………………………………………………………………………………………………………………………………………………

…………………………………………………………………………………………………………………………………………………

…………………………………………………………………………………………………………………………………………………

…………………………………………………………………………………………………………………………………………………

…………………………………………………………………………………………………………………………………………………

…………………………………………………………………………………………………………………………………………………

…………………………………………………………………………………………………………………………………………………

………………………………………………………………………………………………………………………………………………….

## 1.3. Ny mpanoritra zavatra efa fantatra : « ilay »

« **Ilay** » dia entina anoritana olona na zavatra efa fantara ka averina resahina indray.

Tsy azo apetraka eo alohan'ny anaran-tsamirery nefa izy. (Ohatra : Matory ~~ilay Enzo~~)

Ohatra 1: Hitako ihany ilay satroko.

Ohatra 2 : Tadidinao ve ilay zavatra nolazaiko teo ?

### 1.3.a. Fahazoana hevitra

Harifidy : Nakaiza ilay fanipihako teto ambony latabatra teto ?

Sariaka : Tsy mba hitako izany.

Laurena : Ito ilay fanipihan'i Harifidy fa mbola ampiasaiko veivety.

Harifidy : Fa maninona raha tsy ilay anao no ampiasainao ?

Laurena : Adinoko any an-tranonay ilay izy.

Mioty : Inona ny lokon'ny tranonareo ?

Laurena : Vao nolokoina mena ilay tranonay fa fotsy ilay izy taloha.

Harifidy : Tena mora fantatra izany ny tranonareo izao.

Sariaka : Ary iza kay ny anaran'ilay ankizy vaovao teo ?

Mioty : Kanto hono ny anarany hoy zokinay.

### 1.3.b. Harafeto amin'ny tokony izy ny fehezanteny

- Madio/rano / be/ ilay
- ao/alika/Matory/ilay/anaty/tranony
- ny/avily/ankizy/Milalao/eo/amin'ilay
- ilay/Saron'ny/masoandro/rahona
- zazakely/Mitomany/ilay/be
- Mihary/Voaitsak'/ilay/i/taratasy
- laharan-telefaona/Firy/an'i/ilay/Laurena/ ?/moa/
- mbola/ilay/nomena/sakafo/Tsy/saka
- Faly/ilay/be/mpianatra/afaka/fanadinana/fa
- Iza/anaran'/namanao/ ?/ilay/teo/no

### 1.3.d. Manaova fehezan-teny misy mpanoritra « ilay »

Ohatra : Mihaino tsara ilay mpampianatra daolo ireo mpianany.

……………………………………………………………………………………………………………………………………………

……………………………………………………………………………………………………………………………………………

……………………………………………………………………………………………………………………………………………

……………………………………………………………………………………………………………………………………………

……………………………………………………………………………………………………………………………………………

……………………………………………………………………………………………………………………………………………

……………………………………………………………………………………………………………………………………………

……………………………………………………………………………………………………………………………………………

……………………………………………………………………………………………………………………………………………

……………………………………………………………………………………………………………………………………………

……………………………………………………………………………………………………………………………………………